

# MENDRIKA AMPITOMBOINA NY ENTI-MANATANTERAKA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY FANDROSOANA LOVAINJAFY

*Rariny raha mba ampitomboina ny loharanom-bola sy ny fampitaovana eo anivon'ny  
Ministeran'ny Tontolo Iainana sy Fandrosoana Lovainjafy*

Efa fantagy ny maro loatra angamba fa manan-karena « harena voajanahary » i Madagasikara : na biby izany, na zava-maniry. Tamin'ny taona 2002 aza moa dia nalaza eran-tany mihitsy fa i Madagasikara dia voasokajy tao anatin'ireo firenena 12 natsoina amin'ny teny vahiny hoe « à mégabiodiversité », izay midika fa ny 80% ny harena voajanahary manerantany dia monina ao amin'ireo firenena 12 ireo<sup>1</sup>. Vao miteny hoe « Baobaba » ohatra isika any ampitan-dranomasina, dia injay fa ny anaran'i Madagasikara no mitamberina ao an-tsain'ny olona voalohany.

Saingy nanomboka ny taona 2009 dia tsikaritra fa tsy mitsaha-mitombo ny ala ringana eto amintsika : tsy latsaky ny 1% ny tahan'ny ala ringana isan-taona nanomboka teo amin'io taona io<sup>2</sup>, ary vokatry ny hetraketraky ny olombelona ny akamaroan'ny antony. Tamin'ny taona 2017 dia nampalahelo fa lasa firenena fahaefatra nahitana fandrimpahana ala betsaka indrindra mihitsy i Madagasikara, satria tao anatin'ny erintaona monja dia 510000ha ny ala ripaka , mira 3,8% ny ala rehetra eto amintsika<sup>3</sup>. Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy Fandrosoana Lovainjafy (MEDD) ary moa dia nanamafy fa tsy latsaky ny 100000ha isan-taona ny ala ripaka eto amin'ity Nosintsika ity<sup>4</sup>. Ary raha izao fironan'ny tarehimarika izao, dia afaka 80 taona eo ho eo dia ahiana ho ringana ny roa am-patelon'ny tahirin'ala eto Madagasikara hoy ny mpandinika ny tontolo iainana<sup>5</sup>.

Vokatr'izany fahapotehana izany dia maro ireo biby sy zava-maniry eto amintsika : rehefa tsy lany tamingana dia nosokajiana ho isan'ireo zava-manan'aina arovana fatratra satria tandindomin-doza nohon'ny fahasimban'ny fonenany.

Iaraha-mahalala anefa fa ny tanjona napetraky ny Filoham-pirenena

dia ny hisandratan'i Madagasikara, saingy raha izao afaianganan'ny fahapotehan'ny ala izao no mitohy dia mety ny ifanipaka amin'izany no hitranga eo amin'ny lafiny fiarovana ny tontolo iainana. Dia sanatria ve ho jerena fotsiny izany ? Mety misy tsinona ny iheritriritra fa tsy miantefa mivantana amin'ny fampandrosoana firenena ny fiarovana ny tontolo Iainana. Ahoana anefa no ahafahana manantena fa isondrotra ny tokarena eto amintsika raha ny singa fototra mampisarika indrindra ny mpizahan-tany aza miharava ? Tsara ny mampatsiahy fa matoa misy ny orana dia nohon'ny ala, matoa mbola madio ny rivotra iainantsika dia nohon'ny ala, matoa mbola azo onenana i Madagasikara dia nohon'ny ala, matoa mbola manama tany azo volena sy mahavokatra isika dia nohon'ny ala, matoa mbola azo iainana ny marimpana eto amintsika dia nohon'ny ala, matoa mbola tsara ny kalitaon'ny renirano dia nohon'ny ala, ary matoa mbola misitraka sakafy natoraly mahavelona isika dia nohon'ny ala,... Raha atao bango tokana dia hoe ny ala mira fiainana. Ka noho izany, raha ripaka ny ala, dia sarotra ny hino fa handroso i Madagasikara, sarotra ny hino fa afaka mbola ivelona eto isika.

Ny antony mantsy dia ho mangidy ny fiovan'ny toe-trandro, hahery vaika ny hain-tany, handavo ny tsy fahampian-tsakafo, tsy ho zaka ny fiakaran'ny marimpana,... ka inona ary izany ny fandrosona afaka aorina eo ambonin'ny tontolo iainana potika ?

Setrin'izany, rariny loatra raha hamafisina ny fiarovana ny tontolo iainana, rariny loatra koa raha omena lanja mavesatra ny fiarovana ny biby sy ny zava-maniry mampiavaka an'i Madagasikara. Tsy zava-baovao eto Madagasikara akory ny fiarovana ny tontolo iainana , fa efa misy ny sampan-draharaha natao iandraikitra izany, dia ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy, izay tarihin'i

Ramatoa Minisitra Baomiatovse Vahinala RAHARINIRINA. Hain'izy ireo ny paik'ady entina miaro ny tontolo iainana matoa izy ireo tsy mbola nametram-pialana amin'ny asany, matoa koa mbola nametrahan'ny fitondrana fahatokisana izy ireo. Koa rariny raha omena azy ireo ny fampitaovana rehetra entina miady amin'ny dorotanety etsy sy eroa, entina miady amin'ny fanapahana hazo tsy nahazoana alalana etsy sy eroa, ary entina manamafy ny fanaraha-maso ny mpanimba ny tontolo iainana amin'ny endriny rehetra.

Koa miantefa amin'ireo manampahefana rehetra afaka mitondra fanintsiana ny lalàna momban'ny vola izao hafatra izao, miantefa amin'ireo solombavambahoaka tongasaina fa tokony ho laharam-pahamehana ao anatin'ny tetik'asan'ny fitondram-panjakana ny fikajiana ny tontolo iainana, miantefa amin'ireo mpanapakevitra rehetra isan'ambaratongany ao amin'ny fitondrana : mendrika ampitomboina ny loharanom-bola eo anivon'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ahafahany tsy mamita fotsiny ny asany fa mandavorary izany .



*Sary I. Dorotanety niseho tao  
Fenoarivobe*

*Lalasoa R. « Fenoarivobe : may ny tanety, manjaka nyasan-dahalo », Agence Malagasy de Presse, 18 Jona 2020*

Ary iaraha-mahalala fa ny faritra be ala indrindra, fonenan'ny biby sy fanirin'ny zava-maniry dia ireo faritra ivelan'i Analamanga. Any no tena ahitana fandrimpahana ala betsaka indrindra. Notsindrin'ny Ramatoa Minisitry ny MEDD izany tamin'ny fidinana nataony tamin'ny taona 2020 fa mavesatra ny fahapotehan'ny ala amin'ny faritra avaratra, andrefana, atsimo ary antsinanana<sup>6</sup>.

Saingy ny mampalahelo, na dia vonona toy ny manahoana ary ireo olona miasa any amin'ireo faritra ireo dia tsy afaka mietsika be loatra nohon'ny tsy fahampian'ny fitaovana entiny miatrika ny asa. Ny zava-misy ankehitriny tsinona dia ny karaman'ny mpiasa sy ny fiantohana ny JIRAMA ihany no hany tafiditra ao anatin'ny teti-bola natokana ho an'ny talem-parity ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (DREDD)<sup>7</sup>. Setriny, rehefa misy ny tranga miseo, indrindra eo amin'ny resaka doro tanety, dia sarotra amin'izy ireo ny manatanteraka atsakany sy an-davany ny famehezana izany. Ny antony dia tsy inona akory fa tsy maharaka ny enti-manao eo anivon'ny ministera ahafahana mamatsy ny ara-teknika rehetra.

Noho izany, miverina manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra voalaza tetsy ambony, mbola miredareda ny afo ao anatin'ireo olona voatondro iaro ny tontolo iainana ireo, mbola manao izay fara-heriny sy ny fomba rehetra izy entina hamonjena ireo harenan-javaboarin'ity Nosintsika ity. Koa avelao re mba hisian'ny fitsinjaram-pahefana mahomby ara-fampitaovana eo anivon' ny servisy teknika itsinjaram-pahefana (STDs : Services Techniques Décentralisées) fa tena mila izany izy ireo hatomombana ny asany. Tsy hoe sanatria akory tsy mbola nisy mihintsy ny fijerena manokana ny tontolo iainana, fa mbola tsy ampy ny enti-manatanteraka eo anivon'ny ministera iatrehana izany.

Raha mikajy tsara ny tontolo iainana isika, dia tsy ho an'ny olon-tokana irery sanatria, fa mitsinjo ny vahoaka malagasy sy ny taranaka faramandimbiny rehetra, mamonjy an'i Madagasikara sy ny ankaton, ary miaro ny zavamanan'aina rehetra miara-monina

amintsika. Sao adinontsika fa tsy ny mponina monina eto amintsika na ny foto-draftr'asa samihafa ihany no anisan'ny mampisongadina an'i Madagasikara, fa ao koa ireo biby sy zava-maniry endemika antsika, ao ny bikan'ny tanantsika sy ny morontsiraka. Raha mivoaka ivelan'ny Madagasikara ohatra isika, maro amin'ny vahiny anie no tsy mahalala hoe mponin'ny firenena iza moa izany malagasy izany ,na iza moa i Rakoto na iza Rabe, fa vao injany mahita « varika » na amin'ny teny vahiny hoe « Lémurien » izy ireo dia tonga dia ny anaran'i Madagasikara no mitamberina ao an-tsain'ny maro.

Rariny loatra re arak'izany raha vahana ny olana eo anivon'ny ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy. Ary tsy ho maty antoka mihitsy isika raha hamafisina ny vahana amin'ny fierovana ny tontolo iainana. Tsara ny manamarika fa mampitandrina ny natiora, mitaraina ny natiora, manasazy ny natiora : diniho ny anton'ireny fiovaovan'ny toetr'andro ireny, ireny hain-tany ireny, ireny tsy fahatongavan'ny orana aram-potoana ireny,... vokatry ny setrasetra mihatra amin'ny tontolo iainana avokoa no mahatonga an'ireny.

Koa 'ndeha re amin'ity indray mitoraka ity, andao mba iaraka hanao izay fara-vitany hampitonny tanteraka ny herisetra atao amin'ny tontolo iainana, mba hampisandratra indray ny akanton'i Madagasikara !

#### Loharano

5. *Dixit HARMON 2002, Bruno Sarrasin. « Le plan d'action environnemental malgache de la genèse aux problèmes de mise en œuvre : une analyse sociopolitique de l'environnement», Revue Tiers-Monde.2007, n°190, p 435-454*
6. *Rija Ranaivosoa .al. « Combining global tree cover loss data with historical national forest cover maps to look at six decades of deforestation and forest fragmentation in Madagascar », Biological Conservation, n° 222, 06/2018, p. 189-197*
7. *Global Forest Watch, 2017. « La déforestation à Madagascar et dans le massif du makay », Naturevolution, 10/2019, p.5*
1. *Lanja R. « Madagascar perd 100000Ha de forêt par an », actu.orange.mg, 01/2021*
2. *Rivonala RAZAFISON. « Madagascar pourrait perdre deux-tiers de ses forêts d'ici 2100 », SciDev.Net, 11/2015*
3. *Mandimbisoa R. « Les feux ravagent la biodiversité et les forêts dans le Nord », Tribune Madagascar, 12/2020*
4. *« Concours de plaidoyer », Facebook AllianceVoahary Gasy, 06/2021*



*Sary 2. Gidro mampalaza an'i Madagasikara, saingy ahiana ho ripaka nohon'ny fahapotehan'ny tranony Rafr. « 98% des Lémuriens de Madagascar risquent de disparaître », Orange actu Madagascar, 13 Jolay 2020*



*Sary 3. Ala matevina feno karazan-javaboary mampiavaka an'i Madagasikara, arahi-maso akaiky ny fierovana azy « Forêt tropicale humide pour le développement d'une localité à Madagascar », Studio Sifaka, 18 Septembre 2020*